

# Maneho ny fiarahabana avy aty **ZIMBABWE!**

Any amin'ny faritra Atsimon'i Afrika no misy an'i Zimbabwe. Olona mihoatra ny 16.500.000 no monina ao.

## RIANDRANO TSARA TAREHY

Ny Riandrano Victoria any Zimbabwe no riandrano lehibe indrindra eto ambonin'ny tany. 40 km miala eo amin'io toerana io dia efa re ny feony!



## BIBY MAHATALANJONA

Ahitana tanim-bilona maro manerana an'i Zimbabwe. Isan'ny biby miaina any ny liona, ny hipôpôtama, ny zirafy, ny antilôpa ary ny elefanta.

## NY FITSIDIHAN'NY MPAMINANY

Tamin'ny taona 2018 dia nitsidika an'i Zimbabwe ny Filoha Nelson sy ny Rahavavy Nelson. Ankizy an-jatony no nihira ny "Zanaky ny Ray aho" ho azy ireo.




Livukile!

"Manahoana!" no dikan'izany amin'ny fiteny Ndebele.

## FITENY

Miisa 16 ny tenim-pirenena ôfisialy any Zimbabwe. Anisan'izany, raha hanonona vitsivitsy monja aho, ny Shona, Ndebele, sy ny teny anglisy.



SARY NATAONTI KATIE REWSE

SAHANASA

## Asa tanana maneho elefanta

I Zimbabwe no firenena faharoa ahitana elefanta maro indrindra maneran-tany!

1. Hetezo hiendrika faribolana ny taratasy lehibe iray hanaovana ny lohany ary hetezo ho faribolana kely roa ny taratasy iray hanaovana ny sofiny. Apetaho eo amin'ny lohany ny sofiny avy eo.
2. Hetezo ho mahitsizoro ny taratasy lava iray hatao vatany. Aforeto avy aty aloha mankany aoriana izany mba ho toy ny zigzag ny endriny.
3. Hetezo hanaovana vanginy roa ny taratasy.
4. Asio sarina maso sy vava mitsiky amin'izay ny elefantanao. Apetaho amin'ny lakaoly eo ambony avy eo ireo vangy sy ny vatana!



FOMBA FAHANDROAN-TSAKAFO

## Muriwo Unedovi (Anana sy totom-boanjo)

Ny muriwo unedovi dia sakafo nentim-paharazana any Zimbabwe. Indro misy fomba fahandroana izany azonao andramana!

1. Teteho madinika **ny tongolo iray** ary endaso ao anaty vilany misy **menaka** mandritra ny 3 ka hatramin'ny 5 minitra. Teteho madinika ny **voatabia roa** ary arotsay ao anatin'ilay vilany. Andrahoy mandritra ny 3 ka hatramin'ny 5 minitra indray.
2. Teteho ny **epinara 2400 ml** (na anana izay mety aminao), dia arotsay ao anatin'ilay vilany. Avelao hiketrika mandritra ny 5 minitra ilay anana.
3. Arotsahy ny **tontom-boanjo roa soto, rano 59 ml**, ary **vovoka tongolo gasy tapaky ny sotrokely**. Afangaroy tsara ary asio **sira** araka izay hitiavanao azy.

Ataovy izay hisian'ny olon-dehibe iray manampy anao!